HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA HO AN'NY ANKIZY - Nôvambra 2021



# Ankizy mahery fo

## Manara-dia an'i Jesôsy na inona na inona mitranga

*Nosoratan'i Randy Fishell*

## Sabata voalohany



# Manana iraka manokana ho anao Andriamanitra!

«*Ary nisy nilaza tamiko hoe: Tsy maintsy maminany indray hianao ny amin'ny olona maro sy ny firenena maro sy ny fiteny maro ary ny mpanjaka maro.*» - Apôk. 10:11.

### Loza tany Alaska

Nisy loza nananontanona ny tanànan'i Nome iray manontolo any Alaska tamin'ny taona 1925. Mpitsabo iray monja no tao Nome, tanàna manakaiky ny Farbolana Arktika.

"Mino aho fa fivontosan'ny kambontenda no mahazo ny zanakareo" hoy i Dokotera Curtis Wretch tamin'ny ray amandreny maromaro. Rehefa nihamaro anefa ireo tranga nahitana fambara toy izany tonga tao aminy dia nanontany tena izy sao diso hevitra tamin'izay nambarany. Rehefa nanomboka nisy ny olona maty dia fantany ny marina: areti-mifindra mahafaty antsoina hoe difteria no tafiditra tao an-tanàna.

"Efa tranainy loatra ireo fanafody eto antoerana ka tsy azo ampiasaina intsony" hoy i Dr Welch nanazava. Ny fanafody akaiky indrindra azo ampiasaina dia any amin'ny 160 kilômetatra any ho any! Voahodidin'ny ranomandry tanteraka i Nome ka tsy afaka hanampy amin'izany olana izany ny sambo. Ireo fiaramanidina vitsivitsy mety ho afaka nanao ny dia mankany anefa dia najanona mandritra ny ririnina, ary tsy mbola nisy koa ny fiara afaka mandeha ambony ranomandry.

Nandefa hafatra feno fahaverezam-kevitra ho an'ny manam-pahefana teo antoerana tamin'ny telegrama i Dr Welch:

"'AZO INOANA' FA EFA TONGA ETO AMINAY NY VALANARETINA DIFTERIA. MILA 'FANAFODY' DIFTERIA IRAY TAPITRISA MAIKA DIA MAIKA AHO."

Voangona tany amin'ny 160 kilômetatra niala tamin'ny toerana nisy azy ilay fatrampanafody nilaina tamin'izany fotoana izany. Fomba ahoana anefa no hahatongavan'izany any Nome? Nanoso-kevitra ny lehilahy iray antsoina hoe Mark Summers mba hitondrana izany amin'ny fiaran-dranomandry tarihin'ny alika dia. Izany no hany fanantenan'izy ireo hahatongavan'izany any Nome sy hisorohana ny fipariahana mahatsiravin'ny difteria.

1085 kilômetatra (674 maily) ny halavirana avy eo Nenana, toerana hiaingana mankany Nome. Raha ny tokony ho izy dia 30 andro no hanatanterahana ny dia saingy tena ilaina tokoa ny hanafohezana izany.

Nanomboka ny dia miaraka amin'ireo alika sy ny mpitarika azy. Niaritra fanala

mamirifiry sy zavatra hafa koa izy ireo. Nitety tendrombohitra maro mampidi-doza sy havoan-dranomandry nahajambena ilay ekipa.

Nahomby ny fanatanterahana ilay iraka! Nitolagaga avokoa ny rehetra satria dia dimy andro sy tapany monja no naharetan'ny dian'izy ireo! Nisy ihany anefa tambiny vokatr'izany, izay nampalahelo tokoa, satria alika dimy farafahakeliny no maty teny andalana.

Nony farany dia latsaky ny folo ny isan'ireo matin'ny difteria tao Nome, tanàna izay nahitana mponina miisa 1300 sy 10000 manodidina azy tamin'izany fotoana izany. Izany rehetra izany dia noho fanekena hanatanteraka iraka vonjy aina hatramin'ny farany.

**Saintsaino**

- Efa nisy fotoana nampanaovana anao iraka manokana ve? Inona izany?
- Ahoana ny hevitrao momba ny hoe ao anaty vondrona manokana ianao, izay nantsoina mba hanomana ny hafa ho amin'ny fiverenan'i Jesôsy?

**Soso-kevitra momba ny vavaka:**

Manaova vavaka fisaorana an'Andriamanitra noho ny nanasany anao ho mpandray anjara amin'ny iraka amin'ny andro farany. Angataho Izy hanampy anao hahatakatra bebe kokoa ireny hafatra ireny sy ny fomba hahafahanao mizara izany amin'ny hafa.

## Alahady



# Vaovao mahafaly ho an'ny olona rehetra

*"Ary hitako fa, indro, nisy anjely iray koa nanidina teo afovoan'ny lanitra, nanana filazantsara mandrakizay hotorina amin'izay monina ambonin'ny tany."* - Apôk. 14:6.

**Vaovao tsara tao amin'ny saha fitsangantsanganana**

Tsy nahazo aina i Zarita sy Aiko*. "Andao isika handehandeha any amin'ny saha fitsangantsanganana" hoy i Zarita nanoso-kevitra. Rehefa tonga tany izy ireo dia zara raha nisy olona tao amin'ilay toerana. Ankizilahy telo fotsiny ihany, izay nanangona vato maro ary nitondra izany teo an-tampon'ny fikorisana teo akaiky no tao amin'ilay saha.

"Inona no ataonareo?" hoy i Zarita tamin'ireo ankizilahy. Raha tokony namaly ny fanontaniany ireo ankizilahy dia nandray vatokely iray avy ary nitoraka ireto ankizivavy. Nivavaka mangina i Zarita ka nangataka fahendrena tamin'Andriamanitra.

Raha tokony hihazakazaka hiala teo i Zarita, noho ny antony maro, dia nanontany hoe: "Iza no anaranareo?"

Toa gaga sy talanjona ireo ankizilahy. "Tsy matahotra anay ve ianao?" hoy ny iray tamin'izy ireo nanontany.

"Matahotra kely ihany saingy mangataka an'Andriamanitra aho mba hiaraka aminay" hoy i Zarita namaly.

Sahiran-tsaina ireo ankizilahy mpanakorontana ankehitriny! Navelan'izy ireo ny "balany" ary nikorisa nidina izy ireo. Teo indrindra no nandrenesan'i Zarita feo nibitsika taminy nanao hoe: "Ilazao momba an'Andriamanitra izy ireo fa hihaino". Nijery ny manodidina azy i Zarita ary toa nanao toy izany koa i Aiko, saingy tsy nisy olona anefa teo akaiky teo.

Tonga teo anilan'ireo ankizivavy ireo ankizilahy telo. Nambaran'izy ireo tamin'ireo ankizivavy ny anarany. Fotoana fohy taorian'izany dia nanambara ny momba an'i Jesôsy tamin'ireo ankizilahy ireo ankizivavy ary nihaino izy ireo! Nony farany dia nangataka azy ireo mba hivavaka ny iray tamin'ireo ankizilahy. Rehefa vita ny vavaka nataon'izy ireo dia nanomboka nivavaka ihany koa ilay ankizilahy ary nangataka famelan-keloka tamin'i Jesôsy.

Rehefa tonga tany an-tranony dia hoy i Zarita: "tany amin'ny saha fitsangatsanganana dia naheno feo tao an-tsaiko aho ry Aiko, izay nilaza tamiko mba hilaza ny momba an'i Jesôsy tamin'ireny ankizilahy ireny".

Nihiratra ny mason'i Aiko; "nandre toy izany koa aho" hoy izy. Taorian'izany dia nisaotra an'Andriamanitra izy ireo noho ny tombontsoa nomeny azy ireo hizarany ny filazantsara.

*Tsy tena anaran'izy ireo

**Saintsaino:**

- Hazavao amin'ny fehezanteny iray na roa ny atao hoe filazantsara.
- Tsy mampahazo aina anao ve ny fizarana ny vaovao mahafaly momba ny fitiavan'i Jesôsy sy ny famonjeny? Raha izany, inona no antony mety mahatonga anao hanana izany fahatsapana izany?

**Soso-kevitra momba ny vavaka:** Angataho Andriamanitra haneho anao ny tena hevitry ny filazantsara amin'ny fiainanao manokana. Mivavaha mba ho vonona hizara ny filazantsara ianao amin'ny fotoana mety rehetra.

# Mialà amin'ny fahotana!



"*Matahora an'Andriamanitra (...) fa tonga ny andro fitsarany.*" – Apôk. 14:7.

### Nihaona tamin'i Jesôsy ny lehilahy mpanakorontana iray

Nipoitra tampoka tao amin'ny toerana izay nanambaran'ny rain'i Carl, pasitora advantista, ny momba an'i Jesôsy ireo lehilahy telo feno fahatezerana. "Folo minitra no fotoana anananareo hivoahana ato!" hoy ny tabataban'ny iray tamin'ireo lehilahy ireo. Nanana basy, antsy ary bara vy lavalava ireo lehilahy ireo.

"Hiverina eto izahay afaka folo minitra" hoy ilay lehilahy ratsy fanahy niteny mafy. Nihodina izy ireo ary lasa taorian'izany.

"*Inona no hataon'i Dada?"* hoy Carl nanontany tena. *Hijanona tsy hiteny ve izy ka hilaza amin'ny olona rehetra mba hody?* Nanohy ny toriteny nataony anefa izy.

Folo minitra teo ho eo taorian'izay dia niverina ireo lehilahy telo. Nijery ny tarehin'izy ireo i Carl. *Tezitra mafy izao izy ireo!* hoy ny eritreriny.

Rehefa nitodika nijery ny rainy anefa i Carl dia nahatsikaritra izy fa nisy zavatra nitranga. Nijery tsara ireo lehilahy i Dada. Rehefa nanao izany izy dia nanomboka nangovitra ireo lehilahy ireo, nitodika izy ireo ary niala teo amin'ilay toerana taorian'izay!

Herinandro vitsivitsy taorian'izay dia nanao batisa teo amin'ny renirano iray teo akaiky teo i Dada. Tonga teo amin'ilay toerana ilay lehilahy nitazona bara vy lavalava! Nanatona an'i Dada izy ary niteny hoe: "Pasitora, maniry ny hatao batisa koa aho. Saingy tsy mbola vonona aho satria lehilahy tena ratsy fanahy tokoa aho hatramin'izay."

*«Afaka miova marina tokoa ve ny lehilahy toy izany ary hanompo an'i Jesôsy?»* hoy i Carl nanontany tena. Talanjona fatratra izy rehefa nahita an'i Dada nitarika ilay lehilahy teo amin'ny renirano herinandro vitsivitsy taorian'izany.

Mirehareha aoka izany i Carl manana ny rainy. Endrey ny hagagany ny amin'ny zavatra mety hitranga rehefa manapa-kevitra hiala amin'ny ratsy ny olona iray ary manaraka an'i Jesôsy!

**Saintsaino**

- Inona no mety ho fahotana eo amin'ny fiainanao ka tianao hialana?
- Inona avy ireo zavatra izay mety hahatonga anao hanala ny fijerinao tsy hibanjina an'i Jesôsy? Amin'ny fomba ahoana no hanovanao izany?

**Soso-kevitra momba ny vavaka:** Angataho Andriamanitra hanampy anao hiala amin'ny eritreritra sy fihetsika ratsy. Misaora Azy noho ny heriny manova sy ny famelan-keloka feno fitiavana atolony.

# Miankohofa amin' Andriamanitra Mpamorona ary tandremo ny Sabatany



"*Izay nanao ny lanitra sy tany sy ny ranomasina ary ny loharano.*" – Apôk. 14:7.

## Eny ivelan'izao tontolo izao

Takariva nialoha ny Krismasy tamin'izay; ary mbola lavitra dia lavitra ny toeramponenany ny lehilahy anankitelo. Tsy teto amin'ny planeta Tany akory **aza** i Bill sy i Jim ary i Frank. Nihodidina ny volana tao anatin'ny "Apollo 8" ireo mpanamory sambon-danitra telo ireo!

Nahita tara-pahazavana nipaka teo amin'ny ny Planeta Tany izy ireo avy teo amin'ny toerana nitazanany. Nanazava ilay planeta kely manga avy lavitra ny masoandro.

Niandry fatratra izany fotoana izany ireo mpanamory telo lahy. Naka toerana tsara ny mpanamory Bill Anders ary niteny tamin'ny fanamafisam-peo. "Manakaiky ny fiposahan'ny masoandro izahay izao", hoy izy "ary ny ekipan'ny Apollo 8 dia maniry hampita hafatra ho an'ny olona rehetra any ambonin'ny tany".

*Inona àry no tian'ireo mpanamory hambara amintsika*? hoy ny olona nanontany tena.

"*Tamin'ny voalohany Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany…*" Namaky ny Gen 1:1, andininy voalohany indrindra ao amin'ny Baiboly ilay mpanamory. Nanohy namaky izy, ary i Jim Lovell no nanohy taorian'izay.

"*Ary Andriamanitra nanao ny mazava hoe andro; ary ny maizina nataony hoe alina*". Ao anatin'ny tantaran'ny Famoronana ao amin'ny Baiboly koa io andalan-teny io - Gen. 1:5. Nanohy namaky ny mpanamory Lovell, ary anjaran'ilay mpanamory fahatelo no namaky taorian'izay.

"*Ary Andriamanitra nanao hoe aoka hiangona ny rano ambanin'ny lanitra ho eo amin'ny fitoerana iray, ary aoka hiseho ny maina; dia nisy izany*". Nanohy namaky ny bokin'ny Genesisy ny Mpanamory Frank Borman. "*Ary Andriamanitra nanao ny maina hoe tany; ary ny rano tafangona nataony hoe ranomasina. Ary hitan'Andriamanitra fa tsara izany.*"

Talanjona tamin'ny fahatsarana sy ny hakanton'ny zavatra hitany teo amin'izao tontolo izao ireo mpanamory ka nahatsapa fa mila mankalaza Olona manana ny maha-izy Azy noho izy ireo. Izao no teny namaranan'ny Mpanamory Borman izany: "Hitahy anareo rehetra, dia ianareo rehetra eo ambonin'ny planeta kanto anie Andriamanitra." Taorian'izany dia nanohy ny fitsidihana ny volana izy ireo.

**Saintsaino**

- Nahoana no tian'i Satana hino ny fivoarana miandalana ny olona fa tsy ny maha-Mpamorona an'Andriamanitra?
- Inona ny antony maha-zava-dehibe amin'Andriamanitra ny fitandreman'ny olona ny Sabata fa tsy ny Alahady na ny andro hafa?

**Soso-kevitra momba ny vavaka:** Mivavaha amin'Andriamanitra mba haneho aminao bebe kokoa ny hakanton'ireo zavaboariny. Angataho Izy hanampy anao hitandrina ny Sabata mandrakariva na inona na inona mitranga.

Alarobia

# Halaviro ny fivavahana sandoka



"*Ary nisy iray koa, dia anjely faharoa, nanaraka ka nanao hoe: Rava! Rava Babylona lehibe (...)"* – Apôk. 14:8.

### Mahalala ny fahamarinana any Tonga

Nonina tao Tonga, nosy pôlynesianina, any atsimon'ny Ranomasimbe Pasifika i Asipeli. Tao amin'io toerana io no nanapahany hevitra hanaraka ny fivavahan'ny rainy. Manana fanontaniana anefa izy ankehitriny.

Herinandro vitsivitsy talohan'izao dia nisy lehilahy roa tonga tao Tonga ary nanomboka nikarakara fihaonana ara-pivavahana izy ireo. Liana hahalala momba izany i Aspeli sy i Manu namany ka nanatrika izany. Nitolagaga izy ireo rehefa nianatra lohahevitra avy ao amin'ny Baiboly izay tsy mbola henony hatramin'izay.

Nanatrika ilay fivoriana i Asipeli sy i Manu isan-kariva. Rehefa nifarana ilay fivoriana dia samy nahalala bebe kokoa momba ny Baiboly izy ireo. Nisy fanontaniana iray anefa nanitikitika ny sain'izy ireo: Iza no fiangonana marina?

Nanao fanambarana i Asipeli indray andro. Hisy sambo lehibe avy any Aostralia ho tonga eo amin'ny seranan-tsambo rahampitso. Ho eny amin'ilay sambo aho ary hangataka amin'Andriamanitra mba haneho ahy olona iray afaka hamaly ny fanontaniako

Rehefa tonga tany amin'ny seranan-tsambo i Asipeli dia nijery ireo mpandeha rehetra nivoaka avy tao amin'ilay sambo lehibe. Nony farany dia nahita lehilahy iray izay, tsapany fa nofidin'Andriamanitra mba hiresahany izy. "Kristianina ve ianao ramose?" hoy i Asipeli nanontany.

Feno hagagana ilay lehilahy ary niteny hoe "Nahoana? Eny, Kristianina aho - Batista aho. Nahoana ianao no manontany izany?"

Tamim-pahakingana fatratra no nanontanian'ilay mponina avy any Tonga, izay efa dodona mafy nanao hoe: "Azonao lazaina ahy ve hoe inona no fiangonana marina?"

Volana maromaro lasa izay dia nianatra Baiboly io mpandeha io; efa nianatra momba ny fahamarinana tao amin'ny Baiboly izy. "Manorata amin'ity adiresy ity" hoy izy tamin'i Asipeli. "Hambaran'izy ireo aminao ny fiangonana marina." Naka pensilihazo i Asipeli ary nandray naoty ilay adiresy nomen'ilay lehilahy azy. Nony farany dia nianatra Baiboly tamin'ny alalan'ny mailaka izy. Nianatra momba ny

fiangonan'Andriamanitra marina i Asipeli, fiangonana izay mino an'i Jesôsy sy mitandrina ny Didy Folo - anisan'izany ny Sabata.

Fotoana vitsy taorian'izany dia natao batisa tao amin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito i Asipeli sy i Manu. Mahagaga tokoa ny fomba hitarihan'Andriamanitra antsika rehefa asaintsika ho eo amin'ny fiainantsika Izy.

**Saintsaino**

- Efa nanaraka olona na zavatra izay nitarika anao tamin'ny lalan-diso ve ianao? Amin'ny fomba ahoana no hialanao amin'izany?
- Manana namana na fianakaviana izay ao anatin'ny fiangonana tsy manaraka amin'ny fahafenoana ny fahamarinana ara-Baiboly ve ianao? Ahoana no fihetseham-ponao manoloana izany?

**Soso-kevitra momba ny vavaka:**

Angataho Andriamanitra mba haneho mazava aminao ny tena fiangonany marina. Misaora Azy noho ny nitehirizany ny Teniny, dia ny Baiboly nandritra izay taona maro izay mba hahafahanao mamaky ny fahamarinana momba izany ankehitriny.

# Mifikira amin' ny Baiboly



"*Ary nisy iray koa, dia anjely fahatelo nanaraka ireny ka nanao tamin'ny feo mahery hoe: Raha misy miankohoka eo anolon'ny bibi-dia sy ny sariny ka mandray ny marika eo amin'ny handriny na amin'ny tànany.*" – Apôk. 14:9.

### Fiafenana amin'ny andro Sabata

Niangona teo amoron'ny renirano iray izay tsy dia taza-maso any Eorôpa atsimo ireo olona miisa iraika ambin'ny folo**.** Nandritra izany fotoana izany dia nampitahorina tamin-kerisetra ireo Advantista tao amin'io firenena io. Rehefa nandre momba ny batisa ny mponina dia nisy tamin'izy ireo nanafika ireo olona vao avy natao batisa. Mampalahelo fa maty novonoin'ny olona ny renin'ny ankizikely anankiroa.

Alex, folo taona sy i Marie anabaviny, valo taona no zanak'io ramatoa io. Nahita tokantrano afaka hitaiza ireo ankizy ireo ny fianakaviany.

Taorian'ny sakafo maraina ny Sabata voalohany tao amin'ilay tranony vaovao dia nivoaka i Alex sy i Marie ary niafina tao amin'ny mololo avoavo iray mba hianatra ny Leson'ny Sekoly Sabata sy hamaky Baiboly. Rehefa niverina tany an-tranony izy ireo dia nokapohin-drangahy tompon-trano.

Ny Sabata manaraka dia nandany ny tontolo androny teny amin'ny hazo maromaro akaiky azy izy ireo. Rehefa tonga tany an-trano dia nokapohin'ilay ray nanangana azy ireo indray izy ireo.

Ny Sabata fahatelo dia nosakanan'ireo ray aman-dreniny vaovao izy mianadahy rehefa akaiky hiditra tao amin'ny toerana misy hazo. Rehefa nikapoka mafy an'i Alex sy i Marie anefa ilay rangahy dia nisy mpiara-monina amin'izy ireo maromaro tonga teo. Notantarain'izy ireo tany amin'ny manam-pahefana ny zava-nitranga taorian'izay ka nogadraina ireo ray aman-dreny nanangan-janaka.

Rehefa tonga ny fotoana hanomezana sazy ireto ray aman-dreny dia niteny mafy ny mpitsara nanao hoe: "Hokapohina tahaka ny nikapohanareo ireo zaza ireo ianareo!"

Nitsangana tampoka i Alex ary niteny hoe "Ry ingahy mpitsara ô, miangavy aho, aza kapohina izy ireo. Marina fa nikapoka ahy sy ny anabaviko izy satria nitandrina ny Sabata izahay; saingy marary

ny kapohina. Fantatsika izany. Milaza amintsika ny Testamenta Vaovao mba hitia ny fahavalontsika sy hivavaka ho azy ireo."

Nalefaka ny fon'ilay mpitsara. Tsy nokapohiny ireo ray aman-dreny mpanangan-janaka saingy nasaina nanao sonia taratasy fanekena kosa izy ireo fa tsy hanelingelina ireo ankizy amin'ny finoany intsony.


Fotoana vitsy taorian'izay dia nanaiky hianatra Baiboly tamin'ny Advantista maromaro teo an-toerana ilay ray nanangana azy ireo ary natao batisa. Tsy nisy olona faly tamin'ny fiovan'ny fiainany mihoatra noho i Alex sy i Marie.

**Saintsaino**

- Manao ahoana ny fihetseham-ponao manoloana ny famaizana atao aminao noho ny finoanao?
- Afaka mieritreritra tantara ao amin'ny Baiboly maromaro ve ianao izay nahitana olona nosazina noho ny finoany?

**Soso-kevitra momba ny vavaka**: Misaora an'Andriamanitra noho ireo ohatra maro ananantsika momba ireo olona nihazona ny finoany mandrakariva na inona na inona nitranga. Angataho Izy mba hanome anao ny herim-po hanaovanao toy izany koa.

# Mandresy ny Fitiavan' Andriamanitra



"*Dia izy koa no hisotro ny divain'ny fahatezeran'Andriamanitra.*" – Apôk. 14:10.

### Ilay zava-pisotro nisy poizina

Nankahala fatratra ny Advantista mihoatra noho ny zavatra rehetra i Eustorgio noho mpamboly sy mpiompy avy any Péru. Hanasa ilay Advantista izy anio alina, tsy hoe mba hankafy sakafo anefa. Tsia, hanapoizina ilay vahininy izy anio alina.

"Manitra izy izany!" hoy ilay Advantista rehefa niditra tao amin'ny trano bongo kelin'i Eustorgio izy. "Faly loatra aho fa nanasa ahy ianao" hoy izy nanohy ny teniny. "Maro ireo zavatra holazaiko anao momba izay nitranga tamiko nanomboka tamin'ny fotoana nanasako an'i Jesôsy ho eo amin'ny fiainako."

"Mahaliana kosa izany" hoy i Eustorgio nandainga. "Nahoana raha tantarainao amiko izany rehefa eo am-pisakafoana isika?"

Nipetraka ireo lehilahy roa ary nihinana sakafo tsotra: vary sy tsaramaso. Nisy vera feno zava-pisotro iray avy teo anoloan'izy ireo. Nisy voninkazo kely maromaro teo amin'ny veran'ilay Advantista; poizina mahafaty no tao anatin'izany.

Nanondrika ny lohany ilay Advantista ary nisaotra an'Andriamanitra tamin'ny sakafo teo anoloan'izy ireo. Fotoana fohy taorian'izay dia noraisiny ilay vera nisy ranom-boankazo ary nolaniny indray migoka izany. "Mmm, tsara!" hoy izy. Ny ranom-boankazo vita amin'ny papay no ankafiziko indrindra.

"Nataoko ho anao manokana mihitsy izy iny" hoy i Eustorgio sady nitsiky hafahafa izy. *Vetivety dia ho fanina ity Advantista ity ary ho faty* hoy ny eritreriny.

Nandeha ny fotoana, minitra maromaro, kanefa tsy nisy na inona na inona nitranga tamin'ilay vahininy. Nikisaka teo ambonin'ny sezany i Eustorgio ary sahiran-tsaina. Adiny roa no lasa raha nankafy ilay sakafo sy niresaka momba ny fitiavan'Andriamanitra ilay Advantista.

Nony farany dia nitsangana handeha hody ilay Advantista taorian'ny nanasany an'i Eustorgio azy ho any am-piangonana ny Sabata. Rehefa lasa ilay lehilahy dia

nandohalika tao an-tranony i Eustorgio. Nangovitra izy raha nieritreritra hoe: *Amin'ny fomba ahoana no mbola naha-velona an'iny lehilahy iny? Karazana mpamosavy ary ve izy iny? Sa… mety ho marina avokoa izay nambarany momba an'Andriamanitra!*

"Tompo, Andriamanitr'ilay Advantista ô" hoy i Eustorgio nibitsibitsika, "hitako ankehitriny fa tena misy marina tokoa Ianao ary manana hery enti-mamonjy. Miangavy Anao aho mba hamonjy ahy koa!"


**Saintsaino**

- Inona avy ireo lainga ara-panahy fantatrao fa inoan'ny olona?
- Nahoana no heverinao fa zava-dehibe ny fahatanterahan'ny fitsaran' Andriamanitra amin'ny andro farany.

**Soso-kevitra momba ny vavaka:** Misaora an'Andriamanitra noho ny nanomezany anao fahalalahana hifidy izay zavatra ara-panahy inoanao. Angataho Izy mba hampianatra anao momba ny fitiavany sy ny fomba hanesoran'izany ny tahotra rehetra ny amin'ny fitsarana farany.

## Sabata faharoa

# Ny sisa izay tafatoetra



"*Indro ny faharetan'ny olona masina, dia izay mitandrina ny didin'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesosy.*" – Apôk. 14:12.

### Tantara roa misy fihaikana

Jereo raha toa ka hitanao ny mampitovy ireto tantara roa manaraka ireto.

Tantara 1

Tonta ny karipetra tao amin'ny efitrano fatorian'i Nadia; nilaza taminy ireo ray amandreniny fa afaka mifidy karipetra vaovao hafa loko izy. "Mmm, tiako iry iray iry!" hoy izy sady nanondro horonana karipetra mavokely iray. Nanaiky izany ny ray sy reniny.

Hoy ilay mpivarotra hoe "maro ireo olona misafidy io. Raha ny marina dia ambiny tamin'ny horonana lava kokoa io. Izao anefa no vaovao tsara, midika izany fa azoko omena fihenam-bidy amin'io ianao!"

Tantara 2

Nenjehin'i Jezebela, mpanjakavavy ratsy fanahy i Elia. Reraka izy ka niditra tao amin'ny zohy iray mba hijanona ao mandritra ny alina. Nahatsiaro ho irery aoka izany izy!

Tampoka teo dia naheno feo izy! "*manao inona ato ianao ry Elia?*" Andriamanitra no niresaka taminy!

"*Ry Tompo Andriamanitry ny tafiky ny lanitra*" hoy i Elia namaly, "*Nafana dia nafana ny foko noho ny fitiavako an'i JEHOVAH, Andriamanitry ny maro; fa ny Zanak'Isiraely efa nahafoy ny fanekenao; ny alitaranao noravany, ary ny mpaminaninao novonoiny tamin'ny sabatra, ary izaho dia izaho irery ihany no sisa. Nefa mbola mitady hahafaty ny aiko koa izy.*"

Fantatr'Andriamanitra anefa fa tsy i Elia irery ihany sisa no olona nanompo ilay Andriamanitra marina. Hoy Izy tamin'i Elia: "*Nefa hamela fito arivo ao amin'ny Isiraely Aho, dia ny lohalika rehetra izay tsy nandohalika tamin'i Bala*".

Tao amin'ny 1 Mpanj. 19:9-18 no nakana ireo andalan-teny ireo.

**Saintsaino**

- Inona avy ireo ohatra ao amin'ny Baiboly azonao eritreretina momba ny olona iray na maro izay sisa tavela? Soso-kevitra: nandà hiankohoka sy hivavaka tamin'ny tsangan'olona volamena io vondron'olona io.
- Inona avy ireo andraikitra takina amin'ireo izay ao anatin'ny Fiangonan'Andriamanitra sisa amin'ny andro farany?

**Soso-kevitra momba ny vavaka**: Angataho Andriamanitra haneho mazava aminao ireo vahoakany sisa amin'ny andro farany. Asao Izy hanome anao ny herimpo hanarahana an'i Jesôsy mandrakariva sy hanaja ireo Didy Folo.